ka dia nanao ozoò ho azy ireo tahaka ny an'ny Mpaminany (S.A.W)

Tatitra azo avy tamin'i Yahya bin Amara Al-Mazini nilaza manao hoe : Nahita an'i Amr bin Abi Hassan aho nanontany an'i Abdollah bin Zaid ny amin'ny ouzon'ny Mpaminany (S.A.W), dia nangataka koveta feno rano izy, ka dia nanao ozoò ho azy ireo tahaka ny an'ny Mpaminany (S.A.W). Nalainy teo aminy ilay koveta dia nanasa ny tànany in-telo izy, dia natsofony tao anatin'ny koveta ny tànany naka rano ka nihotsam-bava sy nanadio ny orony ary namoaka ny rano avy ao anatiny, tamin'ny rano telo raon-tanana kely, avy eo dia nampidiriny tao ny tànany ary nanasa ny tavany in-telo, avy eo nanasa tànana in-droa hatreo amin’ny kiho, dia nampidiriny tao ny tànany ka nosafoiny ny lohany, teo aloha sy aoriana indray mandeha, avy eo izy nanasa ny tongony hatreo amin’ny kitrokeliny.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanazava ny fomba nanatanterahan'ny Mpaminany (S.A.W) ny ouzo araka ny tokony ho izy i Abdollah bin Zaid (R.A), Nangataka lovia kely misy rano izy. Teo am-panombohana izy dia anasa ny felatànany, ary avy eo dia natongilany kely lovia ka nandraraka rano, dia nanasa azy in-telo teo ivelan’ny lovia. Dia natsofony tao anatin’ilay lovia ny tànany, ka nandraotra rano kely in-telo tamin’izany izy, nanotsam-bava sy nampiditra rano amin'ny orony sy namoaka izany avy eo. Dia naka rano kely tao amin'ny lovia izy ka nanasa ny tarehiny in-telo, Avy eo naka rano kely tao amin'ny lovia dia nanasa ny tànany roa hatreo amin'ny kiho in-droa miatona. Dia nataony tao anaty lovia ny tànany dia nisafo ny lohany tamin’ny tànany roa izy, nanomboka teo anoloan’ny lohany ka tonga tany amin'ny farany, dia naveriny izany mandra-pahatongany tany amin’ilay toerana niaingany. Dia nanasa ny tongony roa izy niaraka amin'ny kitrokeliny.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3444